Ny Baiboly ho an'ny ankizy
dia manolotra

Ilay Printsy Avy Tao an-dRenirano

Nosoratan'i: Edward Hughes

Sarin'i: M. Maillot; Lazarus
Alastair Paterson

Nampifanarahin'i: M. Maillot; Sarah S.

Nadikan'i: Mia Randria

Novokarin'i: Bible for Children
www.M1914.org

©2022 Bible for Children, Inc.
Azo atao ny fandikana na fakana ity tantara ity
nefa tsy ho amin'ny fitadiavam-bola.

Maty i Josefa, ilay Praiminisitra!
Niara-nalahelo tamin'ny fiankaviany Ejipta iray manontolo.
Nampiasain'Andriamanitra
i Josefa, ilay Hebrio,
mba hanavotra
ny firenena
nandritra
ny mosary.
Mpitondra feno
fahendrena sy
tian'ny olona izy.

Telonjato taona mahery taty aoriana, lasa foko matanjaka tao Ejipta ny vahoakan'i Josefa, ny Hebrio. Natahotra ny Farao sao hivadika aminy ny Hebrio ka nataony ho lasa andevo izy rehetra.

Nampahorian'i Farao mafy ny Hebrio. Notereny hanangana tanàna lehibe izy ireo. Nefa na mafy toy inona ary ny asa nampanaoviny azy ireo, mbola nitombo be hatrany ny isan'ireo andevo Hebrio.



Indray andro, nandefa baiko tena ratsy i Farao. "Tsy maintsy atsipy anatin'ny renirano Neily avokoa ny zazalahy Hebrio vao teraka rehetra." Tena tapa-kevitra ny hampihena ny isan'ireo Hebrew ity Farao ratsy toetra ity.

Na ny nampamono zazakely ary vitany!

Nanontany tena angamba ity fianakaviana iray hoe: "Inona re no afaka ataontsika e?" Nanapa-kevitra izy ireo ny handefa ilay zaza tao amin'ny renirano Neily. Saingy hofonosiny anaty haron-jozoro tsy tafiditry ny rano ilay zaza.

Nisosa mora teny amin'ny rano anelanelan'ny zozoro ity lakana harona kely nitondra ilay entana sarobidy tao anatiny. Inona re no hahazo ity zazakely mena vava ity e?

Nanara-maso avy lavitra ity harona sarobidy ny anabavin'ilay zazakely, raha nisosa mora teny ampovoan'ireo zozoro ilay izy.

Tampoka teo, tonga handro teo amin'ny renirano ny zanakavavin'i Farao sy ny mpanompony. Tsy afaka nafenina ilay harona. Mety tsy ho hitan'izy ireo angamba ity harona ity fa handalovany fotsiny?

"Ah! Misy Harona io eo amin'ny zozoro io! Asa na inona no ao anatiny?" Nirahin'ny zanakavavin'i Farao ny mpanompony haka ilay harona. Nony nosokafany ilay izy – nitomany ilay zazakely. Hoy ilay zanakavavin'ny mpanjaka hoe: "Zaza Hebrio ity!"

"Ontsa anie aho e! Tena tsara tarehy mahate-ho-tia tokoa ianao." Mety niresaka tamin'ilay zazakely toy ny fananon'ny ankamaroan'ny olon-dehibe angamba ny zanakavavin'i Farao. Mety nampihomehy sy nanitikitika azy mihitsy ary izy.

Tena nomen'Andriamanitra fahendrena manokana tokoa angamba ilay anabavin'ilay zazakely. Nihazakazaka nanatona ny zankavavin'i Farao izy nanao hoe: "Sao dia hitady vehivavy Hebrio hitaiza io zaza io ho anao aho?" Namaly izy hoe: "Mandehana ary". Iza ary hoy ianareo no nantsoin'ilay zazavavikely?

"Mama! Avia haingana! Haingana!" Mety tsy nanana fotoana anazavana akory angamba izy fa avy hatrany dia niaraka nihazakazaka nanaraka ilay lalan-kely.

Nony tonga teny amin'ny renirano, nomen'i zanakavin'i Farao azy ilay zazakely. "Taizao izy ho ahy. Hokaramaiko ianao. Ataovy hoe Mosesy ny anarany."

Mitovitovy amin'ny teny Ejiptiana midika hoe zanakalahin'ny rano ny hoe Mosesy.

Ary naverina tany amin'ny ray aman-dreniny sy ny tany an-tranony indray i Mosesy. Nampianarin'izy ireo ho tia an'Andriamanitra sy ny vahoaka Hebrio izy. Nony afaka fotoana fohy, lasa nipetraka tany an-dapa niaraka tamin'ny zanakavavin'i Farao izy. Efa nanendry ho avy lehibe ho an'ilay zazakely Mosesy Andriamanitra izay nanavotra ny ainy.

Ilay Printsy Avy Tao an-dRenirano

Tantaran'ny Tenin'Andriamanitra, ny Baiboly,

Tao amin'ny bokin'ny

Eksodosy 2

"Ny fanambaràn'ny teninao dia manazava."
Salamo 119:130

Tapitra

Ny tantara ao amin'ny Baiboly dia miresaka amintsika ny amin'Ilay Andriamanitsika mahafinaritra, Izay namorona antsika ary maniry ny hahafantarantsika Azy.

Fantatr'Andriamanitra fa manao zava-dratsy foana isika, izany no antsoiny hoe "fahotana". Fahafatesana no sazy ho antsika noho ny otantsika, saingy tian'Andriamanitra tokoa isika ka nomeny Jesosy Zanany ho faty teo amin'ny hazo fijaliana, mba ho voasazy noho ny helontsika. Avy eo nitsangana tamin'ny maty Jesosy, ary niakatra any an-danitra! Raha mino an'i Jesosy ianao, ary mangataka Aminy mba hamelàny ny helokao, dia havelany tokoa izany! Honina ao aminao Izy, ary ianao honina miaraka Aminy mandrakizay.

Raha te-hibebaka hiala amin'ny fahotanao ianao,
dia izao no afaka lazainao amin'Andriamanitra:
Ry Andriamanitra ô, mino aho fa maty ho ahy Jesosy, ary velona Izy ankehitriny. Miangavy Anao aho, Tompo ô, midira ao amin'ny fiainako, ary mamelà ny heloko, mba hahazoako fiainan-baovao, ary ho avy ny andro handehanako eny Aminao ho mandrakizay. Ampio aho ho velona ao aminao, tahaka ny Zanakao. Amena.

Vakio ny Baiboly ary miresaha amin'Andriamanitra isan'andro!
Jaona 3.16